# MANKATO NY TOMPO NY MPINO

*[Les chrétiens obéissent au Seigneur*]

MANKATO NY TOMPO NY MPINO TAHAKA AN'I ABRAMA
GENESISY 12.1-9

| | |
|---|---|
| **NY BAIKO ILANA FANKATOAVANA**<br>*Genesisy 12.1*<br>Misy toerana na tanàna mahazatra antsika : efa nipetrahantsika hatry **ny** ela. Sarotra amintsika **ny** miala ao.<br>Toy izany koa **ny** toetra ratsy izay efa niainantsika ka tsy tiantsika ialana. Hoy koa izy amintsika :<br><br>miala amin'ny ratsy toetra Mandehana<br><br>*Alaharo ireo teny ireo.*<br><br>*Vavaka* : Jesoa ô, misaotra Anao izahay noho **ny** baikonao izay mahasoa anay.<br>*Hira* : 754.1 | |
| **NY FITAHIANA VOKATRY NY FANKATOAVANA**<br>*Genesisy 12.2-3*<br>Abrama eto **dia** nampanatenain'Andriamanitra **fa** hotahiny, hanjary firenena lehibe. Isika koa raha vonona hankato an'Andriamanitra **dia** hotahiny ny tenantsika. Nilazan'Andriamanitra koa anefa i Abrahama **fa** hotahina ny firenena rehetra noho ny fankatoavany.<br>Isika koa **dia** manjary loharanon-tsoa ho an'ny namantsika raha mankato an'Andriamanitra.<br><br><u>Mitondra fitahiana ho an'iza avy moa ny fankatoavana an'Andriamanitra ?</u><br><br>*Vavaka* : Misaotra Anao aho Tompo, **fa** mitahy ny fiainako ianao . Tahio koa ny namako rehetra. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>*Hira* : 471.3 | |
| **NY FANANTANTERAHANA NY FANKATOAVANA**<br>*Genesisy 12.4*<br>Raha vantany vao nandray ny baikon'Andriamanitra i Abrama dia nandeha. Izany **no** atao hoe **mankato**.<br><br>*Iza moa **no ankatoavin**'i Abrama ?*<br><br>*Inona **no** nataon'i Abrama raha **nankato** ?*<br><br>*Ary ianao, iza **no ankatoavinao** ?*<br><br>*Fenoy ny banga : fenoy A na I*<br>.NDR..M.N.TR.<br><br><u>*Vavaka*</u> : Tompo ô, tariho aho hahay **hankato** Anao mandrakariva, ka hanaraka ny baikonao. Amin'ny anaran'i Jesoa . Amena.<br>*Hira* 761.3 | |

| | |
|---|---|
| **NY FIARAHANA AMIN'NY FANKATOAVANA**<br>*Genesisy 12.5*<br>Nomen'Andriamanitra havana **sy** namana hiara-mandeha amintsika koa isika, tahaka an'i Saray **sy** Lota niaraka tamin'i Abrama. Miara-mankato an'Andriamanitra amintsika koa izy ireny.<br><br>*Iza avy moa ireo namanao notarihinao ho any amin'ny sekoly alahady hankato ny Tenin'Andriamanitra ?*<br><br>*Manaova sarin'ankizy mitaona ny namany.*<br><br><u>*Vavaka*</u> : Jesoa ô, tahio Dada **sy** Neny, i Zoky, i Zandry, ny havako, ny namako mba hiara-mankato an'Andriamanitra izahay. Amin'ny anaranao Jesoa. Amena.<br>*Hira* 761,3 | |
| **NY FISAORANA ATERAKY NY FANKATOAVANA**<br>*Genesisy 12.6-7*<br>Nomen'Andriamanitra **an'i** Abrama tokoa ny tany kanàna, rehefa nankato azy i Abrama. Noho izany dia nanorina alitara ho fisaorana **an'i** Jehovah i Abrama.<br>Toy izany koa ianao. Mahaiza ary misaotra **an'**Andriamanitra.<br><br>*Inona no ataon'ny mpankato nahazo fitahiana ?*<br><br>*Ataovy sarin'ankizy mitomany sy sarin'ankizy faly.*<br><br>*Vavaka* : Tompo ô, ampianaro aho ankato Anao, dia ho hitako ny fitahianao, ary hahay misaotra anao aho ; amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>*Hira* 461.6 | |
| **NY FIARAHA MITOETRA AMIN'ANDRIAMANITRA NOHO NY FANKATOAVANA**<br>*Genesisy 12.8-9*<br>Rehefa nankato **i** Abrama, dia tonga tany Kanàna tokoa, **ilay** tany nampanatenain'andriamanitra azy. Nanorina **lay** to amin'io tany nomen'Andriamanitra azy io **i** Abrama. Natsangany teo akaikin'ny **lainy** koa ny alitara ho marika ny fiarahany amin'Andriamanitra. Ny alitara mantsy dia toeram-pihavanana amin'Andriamanitra.<br>Toy izany koa ianao raha mankato an'Andriamanitra dia miaraka aminao mandrakariva izy.<br><br>*Inona moa no naorin'i Abrama teo akaikin'ny **lainy** ?*<br><br>*Ataovy : sarina lay sy alitara*<br><br>*Vavaka* : Jesoa ô, tiako ny miaraka Aminao mandrakariva. Amin'ny anaranao ; amena.<br>*Hira* 753.1 | |
| *Tsianjery* : **"dia nandeha i Abrama araka izay nolazain'i Jehovah taminy". Genesisy 12.4** | |